
## NY TENY FIAINANA




*Ory noho ny aminao aho, ry Jonatana rahalahiko; nahafinaritra ahy indrindra ianao; nahagaga ny fitiavanao ahy mihoatra noho ny fitiavan'ny vehivavy.*

***II Samoela 1 : 26***

### Barea A sy Barea B

# Samy hiatrika lalao avokoa anio talata



*Barea B tetsy Mahamasina.*

Samy mbola hiatrika lalao avokoa anio talata 27 septambra 2022 ny Barea A sy ny Barea B eo amin'ny fifaninanana hatrehan'izy ireo avy. Ny Barea A tarihan'ny mpanazatra Nicolas Dupuis dia hiatrika ny ekipam-pirenen'i Bénin ao ami'ny kianja “ Stade El Bachir Mohammedia” any Maroc anio amin'ny 7 ora hariva (ora Malagasy), ao anatin'ny lalao ara-pirahalahiana "Maroc capitale du football africain" ary ny Barea B kosa amin'ny 4 ora tolakandro etsy amin'ny kianjan'i Mahamasina dia hifampitana fanindroany indray amin'ny Pirates Seychellois eo amin'ny lalao miverin'ny fifanintsanana hahazoana miatrika ny CAN U23. Marihana fa tamin'ny sabotsy 24 septembre 2022 lasa teo, nisaraka ady sahala 3-3 ny Barean'i Madagasikara sy ny Diables Rouge Congo Brazzaville tany Maroc ary tetsy Mahamasina tamin'io andro io ihany dia nandresy 5-0 ny Pirates Seychellois ny Barea U23 Malagasy, teo amin'ny lalao mandroso. Ireo nampidi-baolina ho an'ny Barea U23 Malagasy : 12' – Arnaud, 16' - El Hadari, 38' – Arnaud, 49' – Jinidy, 87' - Kalvin Paul (P).

***Rainilita***

### Basket Championnat National Elite 8

# Tafavoaka ho tompondaka ny COSPN Analamanga




*Basikety N1A Homme tany Mahajanga.*

Nifarana tamin'ny alahady 25 septambra 2022 lasa teo, tao amin'ny kianja « Complexe sportif de Mahajanga », ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara N 1A Homme 2022», izay nanomboka tamin'ny faha-16 septambra 2022 lasa teo. Vokatry ny fifaninanana : Equipe championne : COSPN Analamanga. Equipe vice championne : Sebam Boeny, 3ème sur le classement : Ascut Atsinanana, 4ème sur le classement : GNBC Analamanga. Marihana fa nisy indray ny fampitaovana : « fanoloran'ny FMBB baolina basikety ho an'ny Ligy rejionalin'ny basikety any Boeny taorianan'ity lalao famaranana ity ». Amin'ny faha-29 oktobra, ka hatramin'ny 06 novambra 2022 indray, ao amin'ny « Palais des Sports Mahamasina » ny hetsika basikety manaraka "Final Four" N1A Hommes » miaraka amin' ny « Deuxième phase du Championnat national N1A Dames 2022».

***Rainilita***

### Tsipy kanetibe Analamanga

# Fantatra avokoa ireo tompondaka 2022



*Ireo tompondakan'ny Boules Analamanga 2022.*

Fantatra avy amin'ireo lalao famaranana natao teny amin'ny kianja «Boulodrome Para Ivato », tamin'ny sabotsy 24 sy alahady 25 septambra teo, ireo tompondaka ho an'Analamanga tsipy kanetibe teo amin'ny sokajy senior lehilahy sy sokajy vehivavy ary sokajy veteran sy sokajy jeunes taona 2022. Ireo tompondaka 2022 : « Sénior homme » : Tahina - Onja - Haja (UBM) nahazo ny loka “3 coupes + 3 médailles + 1.500.000 Ar”. Ny nitana ny laharana faha-2 kosa nahazo ny “3 coupes + 3 médailles + 600.000 Ar”. Ireo nitana ny laharana faha-3 sy faha-4 samy nahazo 100.000 Ar avy. Sokajy «Dame » : Dina - Bakoly - Salimo (FAM ). Sokajy Vétéran : Lam - Richard - Jougl (CBT). Sokajy Jeune : Ricka - Kevin - Andry (CBP). Ireto sokajy telo farany ireto dia samy nahazo ny loka : 1er prix : 3 coupes + 3 médailles + 200.000 Ar; 2è prix : 3 médailles + 100.000 Ar; 3è prix : 50.000 Ar; 4è prix : 50.000 Ar.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy anatsonga indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ny soa azo avy amin'ny fisotroana kafe

Ny soa azo avy amin'ny fisotroana kafe indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manome hery ny kafe, miaro amin'ny risika-na diabete type 2, tsara ho an'ny saina , miaro amin'ny aretina Parkinson's, manala tavy, miaro amin'ny rarintsaina, tsara ho an'ny aty, tsara ho an'ny fo, mampatanjaka, antioxydant na miaro amin'ny fahanteran'ny sela, manila fanaintainana, tsara ho an'ny hoditra. Na Mahasoa aza ny kafe, tsy tokony hihoatra ny 1 kaopy kely isan'andro no sotroina, fa tsy hoe zinga be akory dia in-3 isan andro, tsy mety indray izay. Tsara raha tsy asiana siramamy ny misotro azy.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tanànanifololahy any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Tanànanifololahy any amin'ny distrikan'Andilamena faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Tanànanifololahy ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 8 mandrafitra ny distrikan'Andilamena. Any avaratry ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho mbola tsy dia avo toerana izy satria 655 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany. Mpiompy omby ihany koa ny mponina any Tanànanifololahy.

